LALÀN'NY MPANOHITRA NOLANIAN'NY DEPIOTE SY SENATERA

Lalàna sadasada ka tsy eken'ny RMDM

Nanao fanambarana tetsy Bel'Air Ampandrana omaly, ny filohan'ny Rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana mahakasika ny tolo-dalàna vao nolanian'ny senateran'i Madagasikara, sy ny depiote farany teo momba ny satan'ny mpanohitra. Tsy eken'izy ireo izany lalàna sadasada izany, satria mifanohitra amin'ny lalampanorenana.

Manoloana ny fandanian'ny Antamierandoholona ny tolo-dalàna laharana 01-2019-PL, izay manova ny andininy sasantsany ny lalàna 2011-013 mikasika ny Satan'ny Fanoherana sy ny Antoko Mpanohitra eto Madagasikara;

Araky ny voalaza tamin'ny ady hevitra na ny débat tamin'ny 18 desambra 2018 nandritry ny fampielezan-kevitra tamin'ny fifidianana izay ho filohan'ny Repoblika, izay nanambaran'ny kandida Andry Rajoelina, fa raha izy no ho voafidy eo dia ny kandida Marc Ravalomanana no ho filohan'ny mpanohitra.

Araky ny Andininy faha-14 ao amin'ny lalampanorenana, izay milaza fa "… ny vondrona politika mpanohitra dia manendry ny lehiben'ny mpanohitra…", izany hoe tsy misy filazana mihintsy fa ny vondrona parlementaire no manao izany fanendrena izany, na ihany koa hoe tsy maintsy solombavambahoaka ny lehiben'ny mpanohitra.

Manoloana ny tsy fisian'ny fifampidinihana sy ny fankevitra ireo mpisehatra politika rehetra, indrindra ireo antoko mpanohitra, mikasika ny famolavolana an'io lalàna io izay ny antoko mpanohitra no tena hiantefan'ny votoatin'izany lalàna izany.

Rehefa nivory ny birao politikan'ny Rodobe ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, na ny RMDM, ny Antoko Tiako i Madagasikara, ary ireo olom-

Ny Filoha Marc Ravalomanana nanao fanambarana tetsy Bel'Air omaly.

boafidy avy ato amin'ny Antoko TIM dia manao izao fanambarana izao:

Mitsipaka marindrano io lalàna sadasada manova ny lalàna 2011-013, izay tsy niantsoana ny mpanohitra akory tamin'ny famolavolana azy.

Mitaky ny famoahana ny decret d'application an'ilay lalàna 2011-013 hatrany izahay, fa io no efa lalàna misy kanefa mbola tsy nampiharina akory.

Manamafy izahay fa entina hanapenam-bava ny mpanohitra sy hanitsakitsahina ny demokrasia io tolo-dalàna io, ka tsy azonay ekena, hoy ihany ity fanambarana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM ity.

Helisoa

Zotra politikan'ny fitondrana

Mivilana tsy araka ny andrasan'ny vahoaka

Izay fihetsika rehetra ataon'ny mpanohitra dia tsapa mazava ankehitriny, fa manahiran-tsaina ny fitondrana avokoa. Asa makadiry no ilaina mbola tanterahina eto amin'ity firenena ity, noho ny fahantrana sy ny fampahantrana natao ny vahoaka, kanefa dia hita tsotra izao fa lany andro manaramaso akaiky izay fihetsiky ny mpanohitra izay fotsiny. Manaporofo izany, ireo teny ambaran'ny avy eo anivon'ny fitondrana mivoaka isan'andro isan' andro amin'ny haino vaky jery maro samihafa misy eto amin'ny firenena. Hita ihany koa ireo fihetsika ataon'ny fitondrana amin' ny endriny samihafa izay fantatra mazava fa hanoherana ny ataon'ny mpanohitra. Mpitondra lasa mpanohitra ny mpanohitra. Maneho zavatra tsy lojika sy fikorontanana eo amin'ny fiainam-politikan'ny firenena izany, ary ilay fitondrana ihany no mahatonga izany noho ny tsy fahaizany mipetraka tsara amin'ny toerany.

Fotoana tokony hifotorana amin'ny andraikitra andrasan'ny vahoaka aminy laniany amin'izay fitiliana ny mpanohitra isan'andro izay. Tsy atao ho hahagaga raha mihisatra ny asa fampandrosoana atao eto amin'ny firenena ary tsy hita soritra mazava izay fivoarampiainam-bahoaka. Tsy atao hahagaga raha misy tsy mandeha amin'ny laoniny ny fitantanam-panja-

kana, ireny iaraha-mahita ireny ny toy ny tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo tamin'ireo tsena samihafa teo an-drenivohitra sy ny manodidina. Toy izany koa ny tsy fahatomombanan'ny asa sosialy fitsinjovana ny vahoaka. Tsy fanomezana vola kely tsy mahavita volana na sakafo kely amina ampaham-bahoaka vitsy dia vitsy no ilazana fa mitsinjo vahoaka ity fitondrana ity. Fa be lavitra dia lavitra noho ireo nisitraka ny vahoaka niàla maina tsy nivakiana loha ny fitsinjovana azy, nefa ireo ihany koa tena anaty fahasahiranana lalina tao anatin'izay 15 volana izay. Tsy mahavita mitsinjo ny vahoaka malagasy iray manontolo ity fitondrana ity eo amin'ny lafiny maro samihafa. Tsy fahaiza-mitantana izany.

Iaraha-mahalala, fa ny vaindohan-draharahan'ny fitondrana hatrany ampiandohana dia ny lafiny politika hatrany aloha vao manaraka ny hafa. Hany ka manaotao foaha matetika, toy ny fanoloana lalàna iniana laniana fotsiny izao eny anivon'ny parlemanta na dia tsy nampiharina akory aza momba ny satan'ny mpanohitra.

Santionany ihany io fa maro ireo endrika fandikana ny lalampanorenana natao teto izay. Fantatry ny vahoaka tsara ireny rehetra ireny na tsy miteny aza izy. Hany ka tsy miraika intsony ny vahoaka amin-javatra maro ambaran'ny mpitondra. Vao mainka aza izy manamafy ny tsy fifampitokisana sy ilay elanelan'ny hantsana mampisaraka azy amin'ny fitondrana. Vokatry ny politika atao izay tsy ilain'ny vahoaka sy tsy mahamaika azy izany rehetra izany.

Sôh'son

Ny Valosoa sy fakafaka

Olana eny amin'ny Fampianarana ambony

Mampiharihary indray ny tsy fahaizan'ny fitondrana Rajoelina

Na miverina misokatra aza ny toeram-pampianarana ambony, dia tsy mbola milamina ny raharaha eny amin'ny Oniversitem-panjakana. Niseho lany tato ho ato ny hetsika fitokonana sy fitakiana ataon'ireo mpandraharaha isan-tsokajiny rehetra, tsy eny Ankatso ihany, fa hatrany amin'ny faritra samihafa. Ireo karama sy tambin-karama tsy voaloan'ny fanjakana azy ireo no takiany, ary eo ihany koa ny amin'ny fandraisana ho mpiasa raikitra ireo ECD efa niasa aman-taonany maro. Mazava loatra, fa misy fiantraikany eo amin'ny fampianarana ny mpianatra izay manomboka hiverina hianatra indray izany. Iaraha-mahalala anefa fa nihitsoka ny fandrantoan'izy ireo fianarana hatramin'ny taon-dasa nidiran'ny valanaretina sy niainan'ny firenena tao anaty krizy ara-pahasalamana, ka mandraka ankehitriny. Misy mpianatra efa tany amin'ny taona 2018 no taona voalohany ary hatramin'izao mbola ao amin'io taona io ihany, vokatry ny fahatapatahan'ny fianarana sy ny tsy firosoana mankany amin'ny fidirana. Misy akony ratsy eo amin'ny haavo lentam-pahaizan'ny mpianatra amin'ny ankapobeny izany , ary tsy ny eny amin'ny Oniversitem-panjakana ihany no iharan'izany, fa hatrany amin'ireo tsy miankina ihany koa, izay samy miara-voadona vokatry ny krizy ara-pahasalamana izay.

Tsy ny mpianatra irery no iantraikan'ny olana, na ny mpandraharaha, fa eo ihany koa ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny amin'ny Anjerimanontolo eto amin'ny firenena. Misy fahabangana lehibe eo amin'izy ireo, noho ny fahafatesan'ireo Profesora mpikambana hatrany amin'ny 40 tao aminy, izay lavon'ny valanaretina. Voalaza fa sarotra ny manolo azy ireo, satria eo any traikefa be ananany, fa eo ihany koa ny taona marobe tsy maintsy diavin'ireo izay handimby vao tonga amin'ny toerana misy azy ireo. Manakorontana ny fampianarana ihany koa izany. Mpampaiantra iray na roa aza no tsy eo efa misy fiantraikany amin'ny fadaminana na ny fandaharam-potoana fampianarana mainka fa tena banga be toy izany.

Miharihary fa mandalo olana ny eny amin'ny Anjerimanontolo eo amin'ny seha-pampianarana amin'izao fotoana izao. Ny vahaolana avy amin'ny fitondrana amin'izany efa voavinavina avy hatrany fa tsy maintsy hiandriandry fotoana tsy voafaritra mazava no sady tsy ho tomombana tanteraka, raha izay efa fahita hatramin'izay. Milaza ho mitsinjo sy miezaka mafy ny momba ny fampianarana ny filohan'ny Repoblika, raha ny nambarany vao tsy ela izay, kanefa ireny lasa resaka fotsiny ihany iaraha-mahalala.

Sôh'son

Razafinjoelina Tahina

Tsy mifanaraka amin'ny zava-misy ny rafi-pampianarana eto

Naneho ny heviny momba ny olana samy hafa misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, ny filoha tale jeneralin'ny Tia Tanindrazana Tahina Razafinjoelina. «Izao no zava misy any ambanivohitra. Fanafihana tanàna nataon'ny dahalo 100 tany Tsiroanomandidy. Maty ny olona, maratra, very fananana. Inona no antony?

Tsy manana asa ny olona ary sahirana. Mila miasa ny Malagasy. Aza entina amin'ny hambo fa mila asa isika. Raha ny zava-misy amin'izao fotoana dia na lasa dahalo ny tanora lehilahy na lasa mivarotena ny vavy rehefa sahirana.

Mpandraharaha, mpanao politika.

Aza adino fa olona novolavolaina tany andakilasy ireo lasa dahalo ireo. Fa noroahan'ny rafi-pampianarana izy dia lasa dahalo. Ary noho ny rafi-pampianarana amin'ny zava-misy dia tsy nahita asa izy, na tsy afaka niasa ny taniny sy ny fananany.

Noho ny haratsian'ny lalana dia sahy manafika maro be ry zalahy, satria fantany tsara, fa ho ela be vao ho tonga ireo mpitandro filaminana.

Noho ny tsy fiparitahan'ny volam-panjakana, fa voatazona lava ety andrenivohitra, dia tsy afa-manoatra amin'ny fitaovana: fiara, gasoil, sns… ireo mpitandro filaminana.

Izao zava-mitranga izao dia isan'ny lohalaharana amin'ny firenena, satria aina no resaka fa tsy rendrarendra", hoy ity mpandraharaha, mpanao politika ity.

Nangonin'Isambilo